# ALAHADY 04 AOG 2019

**Eksodosy 17:7-16:" Ary ny anaran' izany tany izany dia nataony hoe Masa sy Meriba, noho ny ady nataon' ny Zanak' Isiraely, sy noho ny nakany fanahy an' i Jehovah hoe: Eto aminay va Jehovah, sa tsia? Ary tonga ny Amalekita ka niady tamin' ny Isiraely tao Refidima. Dia hoy Mosesy tamin' i Josoa: Mifidiana lehilahy ho antsika, dia mandehana ka miadia amin' ny Amalekita; rahampitso dia hijoro eo an-tampon' ny havoana aho ka hitana ny tehin' Andriamanitra etỳ an-tanako. Ary Josoa dia nanao araka izay efa nolazain' i Mosesy taminy, ka niady tamin' ny Amalekita izy; ary Mosesy sy Arona sy Hora kosa niakatra ho ao an-tampon' ny havoana. Ary raha nasandratr' i Mosesy ny tànany, dia nahery ny Isiraely; fa raha nampidininy ny tànany, dia nahery kosa ny Amalekita. Fa efa vizana ny tànan' i Mosesy; ka dia naka vato izy roa lahy, ka nataony teo ambanin' i Mosesy hipetrahany; ary Arona sy Hora dia nanohana ny tànany, ka ny iray tamin' ny anila, ary ny iray kosa tamin' ny anila; dia naharitra tsy nidina intsony ny tànany mandra-pahafatin' ny masoandro. Ary Josoa dia nandresy ny Amalekita sy ny olony tamin' ny lelan-tsabatra. Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Soraty eo amin' ny boky izany ho fahatsiarovana, ka ambarao amin' i Josoa; fa hofoanako tokoa ny fahatsiarovana ny Amalekita tsy ho eny ambanin' ny lanitra. Dia nanorina alitara Mosesy ka nanao ny anarany hoe: Jehovah Nisi. Fa hoy izy: Jehovah nianiana hoe: Ny adin' i Jehovah amin' ny Amalekita dia tsy hitsahatra hatramin' izay taranany fara mandimby".**